


**Ity mihitsy ilay ohatra amin'ilay fitenenana hoe *« mamo miantso polisy »*. Izy mpitsara voaraoka nandositra ao Frantsa indray no miseho manome lesona amin'izao fotoana izao ! Efa tsy to-teny intsony fa e e e ! Ny *« camouflage »* (fa tsy *« maquillage »* intsony) no atao bobaka be dia miseho azy ho virginy. Ireto ary misy fampahatsiahivina. Toa adino fa *« le temps n'effacera jamais les crimes commis »*. Fa tsy atao mahagaga raha mbola misy mihaino sy mino azy hatrany satria izay ilay toe-tsain-dRaolombelona malagasy : tsy ny fiainany no atao izay mahatsara azy fa ny an'ny olona hatrany no hidirana. TSIAHY.**

Arak'ilay fitenenana hoe : *« ela notoratorahana ka nahavoa mason'angatra »*. Niampy ny ahy izany ny fitoriana an'i Ramatoa Fanirisoa Ernaivo, Filohan'ny Sendikan'ny Mpitsara eto Madagasikara teo aloha na SMM. Satria tokoa dia nitory azy ny Ministeran'ny Filaminam-bahoaka taorian'ireo fanambarana tena mahamenatra sady mahatofoka nataony teo Mahamasina, ny 30 Oktobra 2018. Maro dia maro no nahita ary, indrindra indrindra, nandre fa toa mandeha ho azy ohatry ny karatr'i Naivo ny rediredin'ity mpitsara mba nanana ny naha izy azy ihany teo aloha teo. Tena tompon'ny tenany tokoa ve izy iny ?...

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA

MINISITERAN'NY FITSARANA

FANAMBARANA

Ny Ministeran'ny Fitsarana dia:

- Miombona alahelo amin'ny fianakaviana, namana ary mpiara-miasa amin'ireo Mpitandro filaminana niharan'ny vono nataon'antokon'olona ka namoy ny ainy teo ampanatanterahana ny asany tany Fenoarivo Atsinanana ;

- Manameloka tanteraka ny fanambarana fihantsiana sy fanozonana Mpitandro filaminana nataon'ny Mpitsara kandidà ERNAIVO Fanirisoa, izay sady voararan'ny lalana no manitsakitsaka ny sata maha-Mpitsara sy ny lalam-pifidianana ary manamavo ny soatoavina maha Malagasy sy Repoblikana ;

- Mampatsiahy hatrany fa tsy misy ambonin'ny lalana na iza na iza. Ireo izay minia mihoa-pefy dia handraisana ny fepetra takian'ny lalana, ho fanajana sy fitandroana ny filaminana eto Madagasikara ;

- Manamafy ny mahazava-dehibe ny fiaraha-miasa amin'ny Mpitandro filaminana ao anatin'ny fanatanterahana ny asam-pitsarana.

LE SECRÉTAIRE GÉNÉRAL

MINISTÈRE DE LA JUSTICE

ANDRIANARIMANANA Tsantaniano Salama

## Vita ary ny fifidianana fiodinana voalohany tamin'ny 7 Novambra 2018

Commission Electorale Nationale Indépendante
CENI MADAGASCAR

LISTE DES CANDIDATS, REPRESENTANTS ET TRESORIERS DE CAMPAGNE

| N°B.U | NOMS ET PRENOMS DES CANDIDATS | PARTI POLITIQUE/ ENTITE | REPRESENTANT A LA CENI | TRESORIER DE CAMPAGNE |
|---|---|---|---|---|
| 1 | ANDRIANJAKAMALALA RASOLOFONJOA HAINGO | AVOTRA HO AN'NY FIRENENA | RAKOTOARISON Mihajasoa Alidà | RANDRIANARISOA Diamondra |
| 2 | RAKOTOFIRINGA RICHARD RAZAFY | Solidarité des Jeunes Intellectuels pour l'Avenir de Madagascar (SJIAM) | RAZAFIMALALA Tiana Harimanana | RAKOTOSON Edmond |
| 3 | RANDRIAMANANTSOA TABERA | KINTANA | RANAIVOARISON TAHIANA | RANDRIAMANANTSOA Elisa |
| 4 | RASOLOFONDRAOSOLO ZAFIMAHALEO DIT DAMA MAHALEO | Manajary Vahoaka | 1. RATSIMBA Andrianalison 2. RAKOTONJANAHARY Manampisoa | RANJATOELINA GUY Alain |
| 5 | JULES ETIENNE ROLLAND | MAdagasikara FIvoarana (MAFI) | HANITRARIVO Julino | MALECK Nazir Razafindradera |
| 6 | RATSIETISON JEAN JACQUES JEDIDA | Fahefa-Mividy no Ilain'ny Malagasy | ANDIANASOLONIAINA Daniel Haja | ANDRIANARIVELO Radomaharimanampy Lala Naivosoa |
| 7 | ANDRIANTSEHENO LALAOARISOA MARCELLIN | TAFAJIABY | 1. RASOLOHARIJAONA Johnny 2. MAHASAMBATRA Judickael | ANDRIAMAKOALY Nicole Renée |
| 8 | RABARY ANDRIANIAINA PAUL | MIASA | LALAHARONTSOA Rakotojaona | RATSIMISETRA Fanjamboahangy Soarinivo |
| 9 | RABEHARISOA SARAHA | Parti Liberal Démocrate (PLD) | SIMON JOSEPH | RAVELOSON Dina |
| 10 | RADAVIDASON ANDRIAMPARANY BENJAMIN | FIRAISAMPIRENENA HO AN'NY FAHAFAHANA SY NY FANDROSOANA (F.F.F) | 1. RAKOTOARISON Mandimby 2. ANDRIAMIARANTSOA Davidson Bruelle | ANDRIATSIALONINA Bodoarindranto Marlène |
| 11 | RAFALIMANANA NY RADO | FOMBA | | |
| 12 | RAJAONARIMAMPIANINA RAKOTOARIMANANA HERY MARTIAL | Hery Vaovao ho an'ny Madagasikara (HVM) | ANDRIAMANANA Nivoarivony | |
| 13 | RAJOELINA ANDRY NIRINA | Tanora malaGasy Vonona (TGV) | ANDRIANJOELINA Feno Harison | KARADJIA Heydar |
| 14 | BEZAZA MARIE ELIANA PASCALINE MANASY | Parti Social-Démocrate de Madagascar (PSD) | RANDREMA Patricia | |
| 15 | ANDRIANOELISON JOSE MICHEL | ARO-RIAKA | RAKOTONIRINA Grégoire Odon | RAVELOARISON Olivier |
| 16 | NARISON STEPHAN | ANTOKO GASY MIARA MANDROSO (A.G.M.M) | 1. RABETIARIVONY Davidson 2. RANDRIAMANTRIKA Gaetan | RAKOTONIRINA Ursul |
| 17 | RAJAONARY ERICK FRANCIS | MALAGASY MIRAY MIFANKATIA (MA.MI.MI) | Daniella RALAIARIMANANA Herman | RAKOTOZAFY Sylvain Jean Victoria |
| 18 | RAMAROSON ARLETTE | PARRAINAGE | RAHANTASOA Florence | ANDRIANASOLO Andoniaina Yanni |
| 19 | BERIZIKY JEAN OMER | ANTSIKA MADAGASIKARA | JEAN Félicien | RAZAFIANDRIAMBELO Njato HARINONY Aurélien Napoléon |
| 20 | RANDRIAMAMPIONONA JOSEPH MARTIN XAVIER NICOLAS | REFONDATION TOTALE DE MADAGASCAR (RTM) | RANAIVOARISOA Murièle Herinirina | RAKOTOMAVO Anja Malala |
| 21 | RATSIRAKA DIDIER IGNACE | AREMA | CHARAFODINE et RANOROSOA Razafimandimby Jacqueline | |
| 22 | MAHAFALY SOLONANDRASANA OLIVIER JOCELYN | PARRAINAGE | | RAJOELINA Mamihaja Solofoherizo Rahajarivelo |
| 23 | RADILOFE MAMY RICHARD | Roso ho amin'ny Demokrasia Sosialy (RDS) | | |
| * 24 | ERNAIVO FANIRISOA | ZAnak'i MAdagasikara (ZAMA) et Parti TRAvailliste Malagasy (PATRAM) | | |
| 25 | RAVALOMANANA MARC | TIAKO I MADAGASIKARA (TIM) | ANDRIAMADISON Hasina Fanantenana | RAZAFINDRAIBE Rivo Guy Marie Hervey |
| 26 | IMBEH SERGE JOVIAL | Antoky ny Fivoaran'ny Malagasy (AFIMA) | 1. RAZAKAMANANA Adeline 2. LANTOMALALA Désirée | KOLO FABIOLA |
| 27 | RAVELONARIVO JEAN | Antokom-BAhoaka (ABA) | TAHINDRO Gervais | ANDRIAMAHARO Selimanampy Nirina |
| 28 | RANDRIAMORASATA SOLO NORBERT | Union Démocrates Chrétiens de MAdagascar (UDCMA-KMTP) | LESTONY Oscar | |
| 29 | ZAFIVAO JEAN LOUIS | GASY MIFANKATIA (GASYMI) | BOUTOZARA Sylvestre | |
| 30 | RASOLONJATOVO FALIMAMPIONONA | FITAMBOLAGNELA/IAD | RAKOTONDRATSIMBA Masinandresy Everaldi | RAHAGARISON Heriniaina |
| 31 | RAKOTOMAMONJY JEAN MAX | LEADER FANILO | 1.TOTO Alphonse 2.RAZANAKA Samuel | RASAMOEL Jean Jacques Nambinina |
| 32 | RABARIHOELA BRUNO | FAHAZAVAN'I MADAGASIKARA(FAIMA) | RAHARIJAONINA Anne Rachel Sandra | RANDRIANTSEHENO Ramaro Hugues |
| 33 | RATSIRAKA IAROVANA ROLAND | Malagasy Tonga Saina (MTS) | Annick DAHY | Arthur RATSIMANDRESY |
| 34 | MAILHOL ANDRE CHRISTIAN DIEU DONNE | Gideona, Fandresena ny Fahantrana eto Madagasikara (GFFM) | RAKOTONIAINA Fenomanantsoa Lova | RAVELONANTENAINA James Chapard |
| 35 | ROBIMANANA RIVOMANANTSOA ORLANDO | Madagasikara Vina sy Fanantenana (MVF) | RAMAMENOSOA Njato | |
| 36 | RASOLOVOAHANGY ROSELINE EMMA | EZAKA MAMPANDROSO ANTSIKA (EMA) | VOLOLONIRINA Léa Julie | |

[illegible]


Serasera Mada
11 novembre 2019
Voaroaka tsy ho mpitsara intsony i Fanirisoa Ernaivo. Niakatra Conseil de discipline tamin'ny fivorian'ny filakevitra ambonin'ny mpitsara tamin'ny zoma lasa teo ny raharaha nanenjehana azy tamin'ilay fanompana sy fanozonana polisy nataony teo Mahamasina tamin'ny 2018, tamin'izy kandida ho filoham-pirenena. Fanapahan-kevitry ny maro an'isa tao anatin'ny CSM izao fandroahana izao. Efa nampiatoana tamin'ny asany moa izy raha vao nitranga iny raharaha fanozonana polisy ho faty iny tamin'ny 2018. Dia izao izy zany tsy mpitsara intsony.


FILOHAN'NY MPITSARA MALAGASY
VOARAOKA
NOHO NY TENY TSY VOAFEHINY
Faniry Ernaivo, nanompa sy nanozona ny Mpitandro filaminana malagasy